

**Fandaharam-potoana amin'ny Sabata tolakandro**

**NY FIPIKRI SY NY FIVERENAN'I KRISTY**

**FIZARANA VOALOHANY**

Ny atao hoe fitantanam-piaínana kristianina dia:

- ny fomba fiainan'ny olona izay manaiky an'i Kristy ho Mpamony azy.
- Mpiara-miombona antoka amin'Andriamanitra izy, miara-mandeha Aminy, miasa amin'ny maha-solontenan'Andriamanitra azy eo amin'ny fitantanana ny Raharahany eto an-tany (ny tempolin'ny tenantsika, ny fotoana, ny talenta ary ny harena).

Izany ny famaritana mahazatra nomen'ny Fiagonana Maneran-tany ny atao hoe FIPIKRI.

**FIFANAKALOZAN-KEVITRA**

Amin'ny maha-Advantista anao, ahoana ny fahazoanao ireto teny manaraka ireto ary ahoana ny fomba hampiharanao azy eo amin'ny fiainanao?

- a) “Ny fomba fiaina”
- b) “Manaiky an'i Kristy ho Mpamony anao”
- c) “Mpiara-miombona antoka amin'Andriamanitra”

**FOTOAM-BAVAKA**

Andeha isika hangataka ny Fanahy Masina mba hanampy antsika hampihatra izany eo amin'ny fainantsika andavanandro.

**FIZARANA FAHAROA**

“Izay rehetra momba ahy ho valin’izay rehetra avy amin'Andriamanitra.”

## ***ANDRO FIFADIAN-KANINA SY FIVAVAHANA – SABATA 3 OKTOBRA 2015***

Izany ny famaritana nomen'i Pasitora Erika F. Puni, Talen'ny sampana FIPIKRI any amin'ny Foiben'ny Fiagonana Maneran-tany (2005–2010) ny atao hoe fitantanam-piaínana kristianina.

### **FIFANAKALOZAN-KEVITRA**

Vakio ny 2 Pet. 3:9–13. Inona ny fifandraisana misy eo amin'io toko sy andininy ao amin'ny Baiboly io sy ireo famaritana roa mikasika ny atao hoe FIPIKRI voalaza etsy ambony, raha ny tontolon-kevitra mikasika ny fiverenan'i Kristy no resahina?

### **FOTOAM-BAVAKA**

Andeha isika hivavaka mba hahafahantsika manavao ny fanokan-tena tanteraka ho an' Andriamanitra indray, ary mba ho vonona hanohana ny asan'Andriamanitra amin'ny tenantsika manontolo sy amin'izay rehetra ananantsika isika mba hanafainganana ny fiavian'i Jesosy Kristy Tompontsika.

### **FIZARANA FAHATELO**

Vakio ny Lio. 12:13–48.

### **FIFANAKALOZAN-KEVITRA**

Inona ny fampitandremana ataon'i Jesosy amin'ny mpianany ao amin'ity fanoharana mifandraika amin'ny resaka FIPIKRI ity? Firy ireo karazana mpitantana hitantsika ao? Ahoana ny famariparitana ny mikasika azy ireo? Inona ny valisoa ho azon'ny mpitantana tsara rehefa miverina ny Tompo? Inona ny zavatra tokony hampoizin'ny mpitantana rehetra? Inona àry izany ny fanapahan-kevitra tsy maintsy raisintsika, amin'ny maha-mpitantana ny raharahan'Andriamanitra antsika eto amin'ity tany ity?

**FAMARANANA**

“Manana asa lehibe atao ny Tompo, ary hamela lova be indrindra ho an’izay mahatoky indrindra sy miasa amim-paharisihana eo amin’ny fainana ankehitriny Izy any amin’ny fainana ho avy; Ny Tompo no mifidy ny mpiasany, ary isan’andro amin’ny toe-javatra samihafa dia misedra azy Izy eo amin’ny drafity ny asa ataony. Eo aminy, ny fiezahana rehetra atao amin’ny fo marina hanatanteraka ny fikasany, dia mifidy ny mpiasany tsy noho ny fahatanterahany fa satria, noho ny firaisany Aminy dia mety hahatratra ny fahatanterahany izy ireo...

Mitaky fitomboana amin’ny fahombiazana sy ny fahaiza-miasa amin’ny lafiny rehetra amin’ny kristiana rehetra ny Tompo. Efa naloan’i Kristy ny tambin’ny fahotana nataontsika, ary tamin’ny rany mihitsy sy ny fahoriana no niantohany ny fanompoantsika an-tsitraro. Tonga teto amin’izao tontolo izao Izy mba hanome ohatra antsika ny amin’ny fomba tokony hiasantsika sy ny toe-tsaina tokony hananantsika hoenti-miasa. Iriny ny hianarantsika ny fomba hampandrosoana tsara indrinda ny asany sy hanomezana voninahitra ny Anarany eto amin’izao tontolo izao. Aoka hohajantsika amin’ny fitiavana sy ny fanoloran-tena lehibe indrindra llay Ray izay ‘tia an’izao tontolo izao ka nomeny ny Zanani-lahy tokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana ny fainana mandrakizay.” – Henoinareo ny Fanoharana, tt. 285, 286.

“Hotazonina ho tompon’andraikitra isika tsirairay raha latsaka na dia tendron-tsortra iray aza tamin’izay manavanana antsika. Afatran’ny Tompo marina indrindra izay rehetra nety ho azontsika nanompoana. Ny fahaizana tsy ampiasaina dia hampamoahina mihoatra noho ireo izay nampitomboina. Tazonin’Andriamanitra ho tompon’andraikitra isika ny amin’izay rehetra nety ho tratrantsika tamin’ny fampiasana tsara ny talentantsika. Hotsaraina isika araka izay tokony ho nataontsika, nefo tsy notanterahintsika satria tsy nampiasantsika hanome voninahitra an’Andriamanitra ny herintsika. Na dia tsy verintsika aza ny fanahintsika dia ho tsapantsika ao amin’ny mandrakizay ny vokatry ny talenta tsy nampiasaina. Hisy fatiantoka mandrakizay noho ny fahalalana rehetra sy ny fahaizana izay nety ho azontsika, nefo tsy azontsika.

Nefo rehefa nanolo-tena tanteraka ho an’Andriamanitra isika, ka manaraka ny fitarihany amin’ny asantsika, dia Izy no hiantoka hahatanteraka izany. Tsy asainy

## **ANDRO FIFADIAN-KANINA SY FIVAVAHANA – SABATA 3 OKTOBRA 2015**

*maminavina ny amin'izay ho fahombiazan'ny fiezahana ataontsika amin'ny fo madio isika. Tsy tokony hihevitra tsy fahombiazana isika na dia indray mandeha aza, satria miara-miasa amin'llay tsy mahalala izany tsy fahombiazana izany.” – Henoinareo ny Fanoharana, t. 317.*

“Ny fotoana ahafahana manampy rahalahy iray izay sahirana, na ahafahana manohana ny asan’Andriamanitra eo amin’ny fanaparitahana ny fahamarinana, dia maneho perila iray izay azonao apetraka mialoha any amin’ny bankin’ny lanitra mba ho voaaro sy voatahiry amin’ny toerana azo antoka, any. Sedrain’Andriamanitra ianao. Natobany teo aminao tamim-pahalalahana-tanana ireo fitahiany, ary mandinika anao Izy hahitany hoe ahoana ny fomba ampiasanao azy ireny, mba hahafantarany raha toa ka mikatsaka ny hamonjy ireo olona mila fanampiana ianao, sy raha toa ka tsapanao ny tombam-bidin’ny fanahy, ka hiezaka ianao hampiasa tsara ireo fananana nankinin’Andriamanitra taminao. Ny tsirairay amin’ireo tombontsoa ireo, rehefa ampiasaina tsara amim-pahendrena, dia hampitombo ny harenao any an-danitra.” - 3T, tt. 249, 250.

**Pasitora John Andrianasoa – Talen’ny Sampana FIPIKRI - IOUC**